

Marina tokoa

*nosoratan'i Ivan Leigh Warden, Tale Mpanampy efa misotro ronono,
ao amin'ny Ellen G. White Estate*

“Tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny (ny tsiambaratelonny) amin'ny mpaminany mpanompony” (Amosa 3: 7).

Fampidirana

Andinin-teny mahery manao ahoana re izany! Fahazoana antoka ho amin'ny ampitso sy ny andro ho avy manao ahoana re izany! Sarin'Ilay Andriamanitra Tompontsika feno fitiavana sy fiahiana manao ahoana re izany! Tsy miatrika fanontaniana saro-baliana, na fanadinana, na fanendrena asa isika. Fa mampahafantatra antsika ny Tompo Andriamanitra, miteny amintsika, mizara amintsika ny toe-javatra izay hitranga sy hisy fiantraikany amin'ny fiainantsika. “Tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny (ny tsiambaratelonny) amin'ny mpaminany mpanompony”.

Nahoana Andriamanitra no manao izany? Satria tia antsika Izy. Ny fitiavany no nanosika azy hanatsotra ny sandriny hamakivaky ny sakan'ny fahotana amin'ny fampiasana ireo mpaminaniny, izay olona toa antsika ihany. Amin'ny alalàn'izy ireo dia miantso antsika ho amin'ny fibebahana noho ny fahotantsika Izy ary milaza amintsika ny zavatra ho avy mba hahatonga antsika ho vonona. Ireo mpaminany dia mamita irakin'ny fitiavana avy amin'ny Ray mihitsy. Ny tanjon'izy ireo dia ny hahita olona maro araka izay azo atao ho vonjena ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra. Izany no antony “ilazany ny heviny (ny tsiambaratelonny) amin'ireo mpaminany mpanompony.”

Androany isika dia hijery ny fomba fiasany tamin'ny andron'ny Baiboly sy taorian'izany.

I) Tamin'ny alàlan'ny mpaminaniny Andriamanitra dia nampitandrina ny Isiraely fahiny sy ny firenena hafa ny amin'ny loza hanjo azy ireo sy niezaka nisintona azy ireo ho eo Aminy.

Ny bokin'i Amosa dia manomboka amin'ny fampitandremana momba ny sazy/famaizana hihatra amin'ireo firenena manodidina an'Isiraely sy Joda noho ny fahotany. Saingy tsy ela dia nitodika tany amin'i Joda ny hafatr'i Amosa ary avy eo dia amin'ny tena zava-dehibe, ny fanjakan'ny Isiraely tany avaratra. Ny famakiana amim-pitandremana tsara ny bokin'i Amosa dia manambara ny heloky ny olona: ny avonavona, ny fitiavan-tena, ary ny tsindry hazo lena/fanararaotana, raha tsy mitanisa afa-tsy vitsivitsy, dia samy hita niharihary tao amin'ny fanjakana avaratra sy atsimo. Mbola ratsy lavitra noho izany ny toe-javatra tao Isiraely noho ny fiankohofana tamin'ny ombilahy kely, izay naorin'i Jeroboama I, ilay mpanjakany voalohany (jereo 1 Mpanjaka 12: 25-33). Koa dia naniraka an'i Amosa sy i Hosea Andriamanitra haminany tamin'ny fomba manokana ho an'ny fanjakana avaratra, nefa i Amosa dia nifantoka bebe kokoa tamin'ny antsipiriany sy ny zava-misy tamin'ny fahotan'ny olona noho ny an'i Hosea. Amin'ny alalan'ny sary dia ambarany ny fandikan-dalàna amin'ireo tranga eo amin'ny fiainan'ny olona isan'andro. Tsy misy fanao ratsy azo heverina hoe tsy hitany. Noraisiny ho adidy ny mampitandrina ny Isiraely, ny Joda, ary koa ny firenena manodidina, momba ny famaizana/fitsaran'Andriamanitra izay azo antoka fa hanjo azy ireo raha manohy manota izy ireo. Ny bokin'i Amosa dia nofanany amin'ny sary be voninahitra momba ny fandresena fara-tampon'ny fahamarinana amin'ny fahotana.

Mariho ange ity sary ity - Andriamanitra dia fitiavana. Manome antsika fahafahana/fotoana mety hiaikena heloka sy hialana amin'ny fahotantsika Izy. Iza no ambaran'ny Amosa 5: 4, 6: “Fa izao no lazain'i Jehovah amin'ny taranak'Israely: 'Tadiavo Aho, dia ho velona hianareo; . . . Mitadiava an' i Jehovah dia ho velona ianareo; fandrao hilatsaka toy ny afo mandevona amin'ny taranak'i Josefa Izy. ” Noho ny fitiavany Andriamanitra dia manome ny fampitandreman'ny mba hahafahan'ny olona manatona Azy ka ho velona.

Hoy ny Ezekiela 33:11: «Raha velona koa aho, hoy Jehovah Tompo, dia tsy sitrako ny hahafatesan'ny ratsy fanahy, fa ny hialan'ny ratsy fanahy amin'ny làlany mba ho velona izy. Mialà, mialà amin'ny làlan-dratsinareo, fa nahoana moa no te-ho faty hianareo, ry taranak' Israely?» Na dia amin'ny hafatra fampitandremana henjana indrindra aza, ny mpaminanin' Andriamanitra dia manome ny hafany feno fitiavana, amin'ny fanantenana ny hahazo antoka ny fibebahana sy famonjena azy ireo. Izany no antony mahatonga an'Andriamanitra manala ny sarena momba ny ho avy ary maneho ny vokatry hitranga raha tsy miova fo ny olona. “Tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny (ny tsiambaratelon'ny) amin'ny mpaminany mpanompony”. (Amosa 3: 7).

Fa raha manambara fitsarana/famaizana hihatra amin'ny firenena iray Andriamanitra, moa ho diso aoriana ho azy ireo ve ny hibebaka? Ny valintenin'ny fitiavan'Andriamanitra dia ny hoe hanova ny vokatry Izy raha mibebaka izy ireo. Ny Jeremia 18: 7-10 dia manome ny tenin'Andriamanitra momba izany: “Vetivety Aho dia milaza firenena sy ny fanjakana hongotako sy hazerako ary horavako, nefa raha miala amin'ny ratsy izany firenena noteneniko izany dia hanenenako kosa ny loza izay nokasaiko hamelezako azy. Ary vetivety Aho dia milaza firenena sy fanjakana haoriko sy hamboleko, nefa raha manao izay ratsy eo imasoko izy ka tsy mihaino ny feoko, dia hanenenako kosa ny soa izay nolazaiko hanasoavako azy.” Ellen G. White dia nanoratra momba an'io fitsipika io manao hoe: "mitovy ny fampanantenan'Andriamanitra sy ny fandrahonany fa samy misy fepetra ” (*Selected Messages, book 1, p. 67*).

Alohan'ny handravana an'i Ninive, Andriamanitra dia nandefa an'i Jona mba hampitandrina ny olona sy hanome azy ireo fotoana hibebahana (Jona 1: 1, 2). “Tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny (ny tsiambaratelon'ny) amin'ny mpaminany mpanompony”. Na dia tsy naneho aza ny hafatra nentin'i Jona fa mety hanova ny vokatry Andriamanitra, dia nitodika tany amin'Andriamanitra ny vahoaka ka tsy niharan'ny loza izy (Jona 3: 5-10). Manome antsika fahafahana hiaikena heloka sy hialana amin'ny fahotantsika Andriamanitra .

Izany koa no nataon'Andriamanitra tamin'ny alàlan'i Amosa. Noho ny fanarahana fombafomba ara-pivavahana fotsiny sy ny faharatsiam-pitondrantena dia nampanao iraka an'i Amosa Andriamanitra mba hilaza amin'ny fanjakana Avaratra fa ho avy ny loza. Ao amin'ny toko faha-7, dia niseho tamin'i Amosa Andriamanitra, nitsangana teo ambonin'ny manda natao tamin'ny pilao, sady nisy pilao teny an-tànany (and. 7, 8). Ny mpanamboatra trano tamin'izany fotoana izany dia nampiasa kofehy misy pilao (vato mavesatra) iray mba hahitana raha mahitsy ny rindrina iray fa tsy mitongilana. Ankehitriny Andriamanitra dia mandinika ny Israely. Raha hita fa tsy mandeha mahitsy sy marina ny firenena, dia ho avy ny fitsarana/famaizana. Niantso fibebahana sy fiovan'ny fitondran-tena i Amosa. Tsy afaka hitoky na hiantehitra amin'ny fanatitra sy ny hetsika ara-pivavahana ny olona raha tsy misy fanavaozana feno: “Aoka ny fitsarana hanalonalona toy ny rano, ary ny fahamarinana toy ny renirano tsy mety ritra ” (Amosa 5:24).

Hitantsika amin'izany àry fa tamin'ny alàlan'ny mpaminaniny Andriamanitra dia nampitandrina tamim-pitiavana ny Isiraely sy ny firenena hafa ny amin'ireo loza ary niezaka ny hisintona azy ireo ho eo Aminy. Jereo tsara ange dia ho hitanao fa Ilay Andriamanitsika dia liana fatratra ny amintsika mba hampitandrina antsika ary hanao teny malefaka amintsika. Marina tokoa fa “tsy manao na inona na inona Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny (ny tsiambaratelonny) amin'ny mpaminany mpanompony”. (Amosa 3: 7).

II) Amin'ny alàlan'ny mpaminaniny Andriamanitra dia milaza mialoha amintsika ny votoatin'ny asa fanavotana mba hitaomana antsika ho eo Aminy – fa handefa Mpamonjy Izay ho velona sy ho faty ho antsika.

Ny voalohan'ny drafitr'Andriamanitra dia tonga tamin'i Adama sy Eva taorian'ny nanotany. Andriamanitra mihitsy no nilaza tamin'ny menarana tamin'ilay fifanatrehana nanao hoe: "Dia hampifandrafesiko hianao sy ny vehivavy, ary ny taranakao sy ny taranany. Izy hanorotoro ny lohanao, ary ianao kosa hanorotoro ny ombelahin-tongony ” (Genesisy 3:15).

I Abrahama, izay nantsoina hoe mpaminany ao amin'ny Genesisy 20: 7 dia nasaina nanolotra ny zanany lahy Isaka ho fanatitra dorana (Genesisy 22). Na dia nahafahana tamin'ny alahelo mafy noho ny fanolorany ny zanany lahy aza izy tamin'ny fotoana farany, dia nahita indray mitopy maso izay hataon'Andriamanitra taty aoriana rehefa nanome ny Zanany lahitokana teo amin'ny hazo fijaliana.

Nanandratra ny menarana varahina tamin'ny hazo tany an-efitra Mosesy, ka na iza na iza nijery ilay menarana tamim-pinoana dia sitrana tamin'ny kaikitra mahafatin'ny bibilava (Nomery) 21: 6-9). Ny Jaona 3:14, 15 dia milaza fa izany dia nanambara mialoha ny fahafatesan'i Jesôsy teo amin'ny hazo fijaliana ho antsika. Nanambara ny Mika 5: 2 fa Ilay Mpanjakan'ny Isiraely ho avy, izay “hatry ny fahagola” dia hivoaka avy any Betlehema. Nanambara mialoha ny Daniela 9: 24-27 hoe rahoviana no hiseho ny “Mesia Andriana” ary rahoviana Izy no "hovonoina ka tsy hanana". Ny Isaia 53 dia milaza ny amin'ilay Mpanompo mijaly izay hitondra ny otan'ny olona. Ny Salamo 22 dia nitantara ny sasany tamin'ireo fijaliana niaretan'i Jesosy teo amin'ny hazo fijaliana.

Rehefa nanantomotra ny fotoana hisehoan' i Jesosy dia nanendry ny mpaminany Jaona Mpanao Batisa Andriamanitra hiantso ny olona hibebaka ary hitory ny amin'i Jesosy manao hoe, "Indro! Ny Zanak'ondrin'Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao!" (Jaona 1:29). Ho an'ny mpihaino an'i Jaona dia mazava ny dikany: indro Ilay nasehon'ireo zanak'ondry fanatitra nandritra ny vanim-potoana rehetra. Ny ran'i Jesosy dia halatsaka mba hampihavanana ny mpanota amin'Andriamanitra. Ny fahafatesany irery no afaka manome famelan-keloka noho ny ota.

Ny fahafatesan'i Jesosy teo Kalvary no fanambarana fara-tampony ny fitiavan'Andriamanitra antsika. “Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao, nomeny ny Zanani-lahy tokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay ”(Jaona 3:16). Nanome ny Zanany Andriamanitra ho faty mba hahazoantsika hanana ny fahafahana hiaramiaina Aminy mandrakizay ao amin'ny trano izay efa nomaniny ho antsika. Inona re no porofom-pitiavana lehibe kokoa noho izany e? Ary satria tiany isika mba handray ny Zanany sy hino Azy, dia nandefa ireny hafatra ara-paminaniana ireny mialoha ny fotoana Izy, mba hahafantarantsika ny Mpamonjy rehefa tonga Izy. Marina tokoa fa “tsy manao na inona na inona Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny (ny tsiambaratelonny) amin'ny mpaminany mpanompony”. (Amosa 3: 7).

Fa nahoana Andriamanitra no nanangana mpaminany hafa, dia i Jaona Mpanao Batisa, mba hanambara Ilay Mpanjaka ho avy tamin'izay fotoana izay indrindra? Ity tranga lehibe amin'ny vanim-potoana rehetra ity dia tsy afaka hitranga tsy misy mpanambara mialoha! Koa dia nampiasa mpaminany iray indray Andriamanitra mba hitarihana ny sain'ny olona ho amin'Ilay "Zanak'ondrin'Andriamanitra, Izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao. Marina tokoa fa "tsy manao na inona na inona Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny (ny tsiambaratelsony) amin'ny mpaminany mpanompony". (Amosa 3: 7). Andriamanitra dia nanome an'i Jaona ny fahafahana hahalala hoe iza marina moa Jesosy ary hanambara izay nataon'Andriamanitra mba hanatanteraka ny faminiana rehetra teo aloha.

Koa tamin'ny alàlan'ny mpaminany Andriamanitra dia nampitandrina ny Isiraely fahiny sy ny firenena hafa ny amin'ny loza hitranga amin'izy ireo ary niezaka nisintona azy ireo ho eo Aminy. Tamin'ny alàlan'ny mpaminany Andriamanitra dia nilaza mialoha tamintsika ihany koa ny votoatin'ny asa fanavotana amin'ny fitaomana antsika ho eo Aminy – fa handefa Mpamonjy Izay ho velona sy ho faty ho antsika.

Ankehitriny isika dia manakaiky ny fotoana hiverenan'i Jesôsy, izay hamaranan' Andriamanitra ny olan'ny fahotana eto amin'ity tany ity. Ahoana no fomba ampiharana io fanambaran'i Amosa io amin'izao vanim-potoana izao?

III) Tamin'ny alàlan'ny mpaminany dia nilaza tamintsika ny drafitra entiny hanafoanana ny ota sy ny hamonjena ny olony Andriamanitra

Ny Baiboly dia manome antsika faminiana mahafinaritra momba ny fiverenan'i Jesosy. Nandika ny hevitra ny ampahany farany tamin'ny nofin'i Nebokadnezara i Daniela, dia ny namelezan'ny vato tsy nendahan-tànana ny sarin'ireo firenena ka nakany ny toerany: "Ary amin'ny andron'ireo mpanjaka ireo Andriamanitry ny lanitra dia hanorina fanjakana izay ... hanorotro sy handevona ireo fanjakana rehetra ireo, fa izy kosa hitoetra mandrakizay" (Dan. 2:44). Ao amin'ny toko faha-7, i Daniela dia milaza amintsika fa "nisy toy ny Zanak'olona" nandray io fanjakana io sy nanapaka azy (and. 13, 14). Ny Malakia 3 dia manondro ny andro handringana ny mpanao ratsy, fa "hiposaka ny Masoandron'ny fahamarinana, manana fanasitranana ao amin'ny tànany" mba hanafaka ny vahoakany (and. 1- 3).

Rehefa niakatra tany an-danitra i Jesosy, dia nanome ny mpianany ny toky mahafinaritra ny anjely nanao hoe, "Iny Jesosy iny. . . dia mbola ho avy tahaka ny nahitanareo Azy niakatra ho any an-danitra " (Asa. 1:11). I Petera dia nanoratra ny amin'ny "hivavian'ny andron' Andriamanitra" ka dia tokony ho "hita tsy manan-tsiny amam-pondro" isika (2 Pet. 3:12, 14). I Paoly kosa dia nanoratra fa "ny tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin'ny fiantsoana" hanangana ny maty ao amin'i Kristy ary handray ho eny amin'ny rahona ny mpanara-dia azy izay velona amin'ny fihaviany.

Marina tokoa fa Jesosy, ilay Mpaminany lehibe indrindra amin'ny rehetra, dia nilaza tamintsika hoe: "Ho avy indray Aho ka handray anareo ho any Amiko; ka izay itoerako no hitoeranareo koa " (Jaona 14: 3). Nanome famantarana ny amin'ny fihaviany Izy, araka izay hita ao amin'ny Matio 24, Marka 13, ary Lioka 21. Anisan'izany ny famantarana eo amin'ny masoandro sy ny volana ary ny kintana, "ary ety ambonin'ny tany dia hisy fahorian'ny firenena amin'ny fahaverezan-kevitra" (Lioka 21:25).

Jesosy dia nampitandrina ny amin'ny fisian'ireo kristy sandoka sy mpaminany sandoka izay hamitaka olona maro (Mat. 24:24). Tsy nampitandrina ny mpanara-dia azy izy mba tsy handray kristy, satria Izy, Ilay Kristy marina, dia ho avy. Fa nampitandrina izy ny amin'ny tsy handraisana kristy sandoka. Toy izany koa, tsy nampitandrina izy mba tsy handraisana mpaminany, fa kosa tsy handraisana mpaminany sandoka, izay ho fantatsika amin'ny voany (Mat. 7:15, 16). Ny mpaminany Joela dia nanambara fa mialoha ny hihavian'ny "andro lehiben' Andriamanitra", rehefa miseho ny famantarana sasantsasany eny amin'ny lanitra (masoandro maizina ary ny volana lasa toa ny ra) dia tokony hampoizina koa ny hahitana ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana. Ary ao amin'ny Apokalypsy 12:17 sy 19:10, i Jaona dia manambara mialoha fa ny sisa amin'ny tena olon'Andriamanitra, mandra-pahatongan'ny farany, dia "hitandrina ny didin'Andriamanitra ary hitana ny filazana an'i Jesosy Kristy, dia ny "fanahin'ny faminaniana", ny Fanahy Masina mitondra ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana indray amin'ny vahoakan'Andriamanitra.

Marina tokoa fa "tsy manao na inona na inona Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny (ny tsiambaratelony) amin'ny mpaminany mpanompony". (Amosa 3: 7). Andriamanitra dia hanana feo ara-paminaniana indray, ho fanomanana amin'ilay toe-javatra lehibe indrindra tamin'ny vanim-potoana - ny fiverenan'i Jesosy. Izany feo izany dia hanampy amin'ny fitarihana ny olon'Andriamanitra hamakivaky ireo andro mamitaka amin'ny farany mba ho famonjena azy ireo; ary izany dia hanampy azy ireo hahita ny fomba tian'Andriamanitra hitenenan'izy ireo amin'ny hafa sy hitondrany azy ireo ho eo Aminy koa. Tahaka ny nanampian'i Jaona Mpanao Batisa tamin'ny fanomanana ny olona ho amin'ny fiavian'ny Jesosy voalohany, Andriamanitra dia hampiasa ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana mba hanampy amin'ny fanomanana ny olona ho amin'ny fiavian'i Jesosy fanindroany.

Ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia mino fa i Ellen G. White dia naneho izany fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana izany. Ny asa fanompoan'ny faminaniana nataony dia tonga tamin'ny fotoana mety teo aamin'ny fivoaran'ny fisehoan-javatra, araka ny Soratra Masina. Ireo hafatra nentiny dia nanampy antsika hiray amin'ny fampianaran'ny Baiboly marina. Nasongadiny ireo faharatsiana mila fanitsiana. Nanome azy toromarika ho an'ny fiangonana Andriamanitra momba ny fandaminana, ny fahasalamana, ny fanontam-boky, ny fanabeazana ary lohahevitra maro hafa izay nanampy hahatonga ny fiainantsika kristiana ho mavitrika, ny fiangonantsika ho matanjaka, ary ny ezaka ataontsika hahomby. Ambonin'izany reotra izany, dia mampitodika antsika ho amin'ilay Mpamonjy sy Mpanavotra ho avy tsy ho ela izy, mampirisika antsika tsy ny hoe "ho hita tsy manan-tsiny amam-pondro eo anatrehany amin'ny fihaviany" ihany (2 Pet 3: 14), fa mba hampiasa ny fotoana sisa tavela hitondrana olona betsaka araka izay azo atao mba hahalala an'i Jesosy sy hanaja Azy amin'ny fivavahan' izy ireo feno fankatoavana sy ny fiainany isan'andro. Nampiasa azy Andriamanitra hanampy amin'ny fanomanana antsika ho amin'ny zavatra ho avy. Marina tokoa "tsy manao na inona na inona Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny (ny tsiambaratelony) amin'ny mpaminany mpanompony".

Ny fihavian'i Jesôsy am-boninahitra no ho fotoana sarotra lehibe indrindra ho an'ny tany rehetra. Ireo izay tsy nanao Azy ho Mpamonjy ny tenany dia haringana. Efa nisy fotoana iray hafa, niatrika krizy toy izao ny tontolontsika manontolo. Ny firaketana ara-Baiboly ao amin'ny Genesisy 6 dia milaza fa ny ota dia nahatratra ny haavo izay nahatonga an' Andriamanitra ho tapa-kevitra hanapotika ny tany rehetra. Na dia izany aza dia milaza ny andininy faha-valo manao hoe: "Fa Noa kosa nahita fitia teo imason'ny Tompo." Andriamanitra dia niantso an'i Noa ho vavolombelony sy hanamboatra sambofiara. Nandritra

ny 120 taona, Andriamanitra, tamin'ny alàlan'i Noa solontenany, dia nanambara ny zavatra hiseho.

Nanome antsika zavatra ho saintsainina toy izao Ellen G. White momba ireo andro ireo:

1. Ny fahotan'ireo mponina talohan'ny safodrano dia ny fanovana/fanimbana izay zavatra ara-dalàna rahateo. Nanimba ny fanomezana nomen'Andriamanitra izy ireo tamin'ny alàlan'ny fampiasana izany mba hanomezana fahafaham-po ny filan'ny tenany. Ny fandeferana tamin'ny fitiavan-komana sy ny firehetam-po amin'ny filàna ambany, dia nahatonga ny sain'izy ireo ho simba tanteraka. Ireo mponina talohan'ny safodrano dia andevon'i Satana, notarihiny sy nofeheziny ” (*Ellen G. White comments, Seventh-day Adventist Bible Commentary, vol. 1, p. 1090*).
2. “Ny mponina tamin'ny andron'i Noa dia ringana noho ny fanaranam-po tamin'ny fitiavan-komana manimba ” (*Testimonies for the Church vol. 3, p. 162*).
3. “Nanompo ny fitiavan-komana feno fitiavan-tena izy ireo - nihinana, nisotro ary nanaovizay nahafinaritra ny tenany – ary nampiasa herisetra sy heloka bevava /vonoan'olona raha voaelingelina ny faniriany sy ny filany. Tamin'ny andron'i Noa, ny ankamaroan'ny olona dia nanohitra ny fahamarinana, ary nankamamy ny lainga. Feno herisetra ny tany. Ny ady, ny heloka bevava sy ny vonoan'olona no fahita isan'andro ” (*Ellen G. White comments, Seventh-day Adventist Bible Commentary, vol. 1, p. 1090*).
4. "Dia ho toy izany koa alohan'ny fiavian'i Kristy fanindroany" (*Ibid.*).
5. “Ireo izay nino rehefa nanomboka nanamboatra ny sambofiara i Noa dia nanjary tsy nino intsony noho ny fiarahana tamin'ny tsy mpino izay nanaitra ny filàna taloha amin'ny fialamboly sy ny fisehoana ivelany” (*Review and Herald, 15 septambra 1904*).
6. “Nandritra ny roapolo amby zato taona Noa dia nanambara ny hafatra fampitandremana tamin'izao tontolo izao talohan'ny safodrano; fa vitsy no nibebaka. Ny mpandrafitra sasany izay nampiasainy tamin'ny fanamboarana ny sambofiara dia nino ny hafatra, nefa kosa maty talohan'ny Safo-drano; ny sasany tamin'ireo niova fo dia niverin-dàlana" (*Ellen G. White comments, Seventh-day Adventist Bible Commentary vol. 1, p. 1088*).
7. “Nanome azy ireo fotoam-pahasoavana roapolo amby zato taona Andriamanitra, ary nandritra izany dia nitory tamin'izy ireo tamin'ny alàlan'i Metosela, Noa ary maro hafa tamin'ireo mpanompony. Raha mba nihaino ny fijoroan'ireo vavolombelona mahatoky ireo izy, ka nibebaka ary niverina tamin'ny fahitsiana, dia tsy ho nandringana azy ireo Andriamanitra ” (*Review and Herald, 23 aprily 1901*).

Ny toetoetra tamin'ny andron'i Noa dia hita eo amintsika koa ankehitriny. “Fa tahaka ny andron'i Noa, dia ho tahaka izany koa ny fihavian'ny Zanak'olona. Fa tahaka ny tamin'ny andro fony tsy mbola tonga ny safo-drano, ka nihinana sy nisotro ny olona, nampaka-bady sy namoaka ny ampakarina, mandra-pihavin'ny andro nidiran'i Noa tao amin'ny sambo fiara, ary

tsy fantany mandra-pihavin'ny safo-drano, izay nandringana ny olona rehetra, dia ho tahaka izany ny fihavian'ny Zanak'olona ”(Matio 24: 37-39).

Amin'ny alàlan'ny Baiboly sy ny fanomezam-pahasoavan'ny faminiana Andriamanitra dia hanohy hanambara ny tsiambaratelonny momba ny zavatra rehetra izay manakana antsika tsy hibebaka sy tsy hanao ny sitrapony. Raha handeha hanambara izany amin' izao tontolo izao isika fa ho avy indray Jesosy, dia satria fantatsika fa momba antsika Andriamanitra.

Mandrakizay Andriamanitra, izany hoe, nisy hatrizay ary hisy hatrany. Tsy nisy fotoana izay tsy nampisy Azy, ary tsy hisy fotoana izay hijanonany tsy hisy intsony. Mampahatsiahy antsika Davida manao hoe: “Fony tsy mbola àry ny tendrombohitra, na voaforonao ny tany sy izao rehetra izao, dia Andriamanitra Hianao hatramin'ny taloha indrindra ka mandrakizay” (Salamo 90: 2).

Masina Andriamanitra. Ny Isaia 6: 3 dia milaza amintsika hoe: "Masina, masina, masina Jehovah Tompon'ny maro; henika ny voninahiny ny tany rehetra!" Andeha hiara-misaintsaina amiko. Andriamanitra Izay tsy miova, mahatoky, Andriamanitra Izay tsy manam-petra, Andriamanitra marina, Andriamanitra mahefa ny zavatra rehetra, manerana ny toerana rehetra, mahafantatra ny zavatra rehetra, dia marina tokoa fa “tsy manao na inona na inona, raha tsy milaza ny heviny (ny tsiambaratelonny) amin'ny mpaminany mpanompony”. (Amosa 3: 7)

Famintinana sy Antso

Marina tokoa/Azo antoka: *ny toetra maha-azo antoka; a) fahalalana azo antoka; fahazoana antoka; b) fahatokiana eo amin'ny fomba na fitondrantena, fanatanterahana zavatra nampanantenaina na fanoloran-tena: antoka; fototra/anton'ny fahatokiana na fiarovana.*

Hatramin'ny bokin'ny Genesisy ka hatramin'ny Apokalipsy dia tsapantsika fa nampitandrina ny olona sy ny firenena Andriamanitra. Nefa mialoha ny fandranganana dia manome fotoana hibebahana Izy. Amin'ny tontolo misy antsika ankehitriny dia mbola miteny amintsika Izy amin'ny alàlan'ny Baiboly sy ny Fanahin'ny Faminiana. Isika izay namaly ny fanasany mba hampianatra sy hitory ary hanambara amin'ireo mpiara-monina amintsika momba ny ny fiaviany fanindroany dia afaka mitory am-pitiavana sy amin-kafanam-po ary manantena ny maha-azo antoka ny fiverenany.

Mila mahafantatra ny olona. Zony ny mahafantatra. Manodidina antsika ireo olona izay tsy mahafantatra mazava ny vanim-potoana iainany. Mila mandray teny azo antoka avy amin'ny Tompo izy ireo. . Mila ny “azo antoka” izy ireo. Ilain'izy ireo ny mahafantatra momba ilay Andriamanitra be fitiavana sy mpiahy Izay maniry azy ireo ho vonona hiatrika ny fitsarana farany. Handeha ve ianao ka hilaza amin'izao tontolo izao? Vonona ve hianao hanavao indray ny fanoloranao ny fiainanao ho an'i Jesosy ary hamela ny Fanahy Masina hitarika ny fiainanao amin'ny maha-vavolombelona anao?

Andeha ilazao ny fianakaviana, ny mpifanolo-bodirindrina ary ny olona rehetra. Ilazao izy ireo mba tsy ho kivy na hiala an-daharana ; tsy hamoy fo; lazao azy ireo fa Andriamanitra dia afaka mamonjy azy ireo amin'ny fisalasalana, amin'ny tahotra, ary amin'ny fisarahana mandrakizay Aminy. Lazao izy ireo mba hanolotra ny tany amin'Andriamanitra, satria manolotra ny tany amin'izy ireo Izy. Lazao azy ireo fa afaka mandray fanampiana sy fanohanana izy ireo amin'ny diabe ataony satria tsy hamela azy ho irery Andriamanitra.

Lazao azy hoe: "Marina tokoa fa "tsy manao na inona na inona Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny (ny tsiambaratelsony) amin'ny mpaminany mpanompony". (Amosa 3: 7)